Fitakian'ny mpianatra ambaratonga ambony 4

Tsy misy valiny raha tsy misy hetsika ?

Tononkira

MISY FARANY

Jeanne Naly sy Ludger 4

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 13 marsa 2021 | Laharana 1139 | Vidiny : 400 Ar

Fiainan'ny Malagasy 2

Maizina ho an'ny vahoaka fa mazava ho an'ireo mpiara-misaosy

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Fandaharana Miara-manonja 2

Hitohy ny alatsinainy 15 martsa ho avy izao

Pr Emmanuel Jacob Tehindrazanarivelo 2

Omeo sehatra amin'ny fahitalavi-pirenena koa ny mpanohitra

Raharaham-pirenena 3

Tsy rariny ny fanagejana ireo gadra politika

Mpamongady mpanefoefo 6

Banky ropotra tao anatin'ny fotoana fohy

Zaridaina Antaninarenina 7

Fahombiazana ny Tsenaben'ny Fizahantany andiany faha-2

Miakatra ny mararin'ny coronavirus 5

Ahiana hiverina amin'ny fihibohana isika

Daka kely

Mihambo tsy mila Banky mondialy nareo ry Boaikely nefa nitsofana mozika ny kely azo avy any an !

ANTOKO ADN

Fitondrana tsara tantana no nambara, nefa ny fifidianana tsy mandeha amin'ny laoniny

Mbola tantara mitohy ny zava-niseho teto amin'ny firenena, nisian'ny tsy fahatomombanana tamin'ny fifidianana filohampirenena ny taona 2018, ka nahalany ny filohampirenena ankehitriny. Nalaza tamin'izany moa fa filoha napetraky ny HCC sy ny CENI ny filoha Andry Rajoelina s. Manoloana izany indrindra, na efa 2 taona teo amin'ny fitantanana ny firenena aza ny filoha Rajoelina Andry, dia tsy nipetra-potsiny ny olom-pirenena samihafa, fa mitady ny fomba rehetra hamakiana batsilana izany ho fantatry ny Malagasy. Ny alakamisy teo dia nanatitra antontan-taratasy teny amin'ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana (HCC) Ambohidahy, ho fangatahana ny fanafoanana ny fifidianana filoham-pirenena natao teto Madagasikara tamin'ny 2018 ny ADM (Association pour le Droit et Développement de Madagascar), izay tarihan'i Fanirisoa Ernaivo,niaraka tamin'ny RMDM sy ny solontenan'ny mpanohitra maromaro. Be loatra ny tsy fahatomombanana toa ny doublon ana karapanondro, lisipifidianana nikorontana tamin'iny fifidianana iny, ka nahatonga azy ireo hametraka ny antotantaratasy eny amin'ity andrim-panjakàna ity. Nilaza Andriamatoa Rodo Razafindrakoto filoha lefitrin'ny ADM, fa tsy mety amin'ny ADM sy ny vahoaka Malagasy ny mahita hoe

fitondram-panjakana mandala ny fanjakana tsara tantana kanefa tsy mandeha amin'ny laoniny ny fikarakarana ny zotram-pifidianana filoham-pirenena sy ny famoahana ny vokam-pifidianana nataon'ny Ceni sy ny Hcc teo aloha. Nisaotra ny antoko tiako i Madagasikara TIM sy ny HVM ny ADN nanome azy ireo ny antotantaratasy mikasika izany. Ankinina amin'ny HCC vaovao ny fanapahan-kevitra mikasika ny fitoriana, hoy ny fanambaràna nataon'ny fikambanana hatrany.

Helisoa

Fandaharana Miara-manonja

Hitohy ny alatsinainy 15 martsa ho avy izao

Marobe ny olompirenena mametraka fanontaniana mikasika ny fandaharana Miara-manonja hoe, nijanona ve sa misy olana indray no toa tsy mandeha ity fandaharana be mpanaraka ity nandritra ny 2 andro izay ? Nanazava ny depiote Hanitra Razafimanantsoa tao amin'ny pejy fesibokiny fa miato noho ny asa fanatsaràna ny fifandraisana eo amin' ny mpiahino sy mpijery ny tambazotran-tserasera ny tompon'andraikitra amin'izao fotoana izao. Manome fotoana ny mpanaraka ny fandaharana kosa ny solombavambahoaka Hanitra Razafimanantsoa fa ny alatsinainy 15 martsa ho avy izao dia hitohy indray ny Miara-manonja.

Helisoa

Hetsiky ny solombavambahoaka TIM

Hiditra amin'ny dingana manaraka hoy Todisoa Andriamampandry

Taorian'ny tatitra nataon' ireo solombavambahoaka TIM teny amin'ny Magro Tanjombato ny sabotsy lasa teo dia nambaran'ny solombavambahoaka voafidy teny amin'ny boriborintany faha-6 eto Antananarivo renivohitra, Todisoa Andriamampandry fa hitohy ny tolona. Nambarany fa tsy mijanona eo amin'ny tatitra fotsiny ihany fa mila mahafantatra ny vaovao samihafa ny vahoaka malagasy toy ny olana mianjady amin' ny vahoaka malagasy amin'izao fidangan'ny vidim-piainana izao. Eo ihany koa ny olana samihafa manoloana ny fitantanana ny firenena malagasy, ny resaka pôlitika izay mampety ny mpitondra ihany no ataony sns…Nanamafy ity solombavambahoaka ity fa tokony miala izay minisitra tsy mahavita azy satria mila mandroso i Madagasikara ary tokony hahatsiaro tena rehefa tsy mahavita azy. Nitondrany fanazavana ihany koa ny fanakantsakanana ny fanehoan-kevitra sy ny fanakatonana haino aman-jery tsy mifanaraka amin'ny hevitry ny fitondram-panjakana. Nahitsy ity solombavambahoaka ity, fa mila fiovana i Madagasikara ary tanindrazana iraisana ity ka samy tompony ary samy afaka mampandroso avokoa ny rehetra. Mampatsiahy ny-fitondram-panajakana ny tenany mba hijery izay tena mahasoa ny vahoaka malagasy tokoa satria miaina ao anaty fahoriana sy teritery ny vahoaka malagasy ankehitriny.

Namana

Ny depiote TIM Todisoa voafidy tao amin'ny Boriborintany faha-6.

Ny Valosoa sy fakafaka

Fiainan'ny Malagasy : maizina ho an'ny vahoaka fa mazava ho an'ireo mpiara-misaosy

77,4% ny vahoaka malagasy no miaina tanteraka ao anatin'ny fahasahiranana sy ny fahantrana amin'izao fotoana izao. Araka ny antontanisa navoakan'ny banky iraisampirenena ny faran'ny taona 2020 dia mihena ny volan'ny olona miditra isan-tokantrano, mitombo ny olona tsy an'asa., mitombo ny fanenjehana izay heverina fa mitarika fifandrafiana eo amin'ny firenena. Re koa izao tamin'ity herinandro ity fa tafiditra eto amin'ny firenena ny valanaretina coronavirus karazany mahery vaika noho ilay hita teto an-toerana hatramin'izao. Ao anatin'izany, tsy misy hatreto ny mangaraharaha momba izany kanefa mahafaty ao anaty ny iray andro monja. Ny fanampiana avy amin'ireo mpiombon'antoka any ivelany mikasika ny vakisiny dia iavonavonan'ny fitondrana, fa ny CVO foana no ezahiny haroso mba tsy hahafaty antoka ny orinasa Pharmalagasy an'ny akamakama. Tsy misy dikany amin'ity fitondrana Rajoelina ity ny fiainan'ny malagasy, indrindra moa ho an'izay tsy mitovy hevitra aminy, fa dia lasa fahavalo mihitsy. Manjaka ny jadona sy ramatahora, ampiasàny ny mpanao lalàna, ny mpiaro lalàna, ny mpampihatra lalàna, ataony fitaovana anafaizana an-dramalagasy. Dia tena tsy manan-tsafidy tokoa ve izy ireo mieritreritra fa manana fahefana, ka manatanteraka baiko an-jambany fotsiny? Miteny ny mpitondra hoe sakano ireo mpanohitra ireo dia manakana, ampitahory ireo dia mampitahotra, gadrao ireo dia managadra, vonoy ireo dia mamono, tifiro ireo dia mitifitra! Maizina hatreto ny fiainan-dramalagasy noho ny asetrin'izao fitondrana izao. Misy mazava kely ihany ho an'ireo misolelaka sy 'mpiaramisaosy' kanefa dia samy eto Madagasikara ihany mivelona ao anaty ny firenena faran' izay mahantra, mialoha ny farany indrindra eran-tany. Soa fa misy ny mpitarika mijoro, mpitarika sahy, mpitarika vonona, tsy mitarain-tana-miepaka na inona midona na inona mihatra hiady sy hitolona mba hanjakan'ny demokrasia sy ny fahamarinana. Efa hiditra dingana vaovao indray izao ny mpanohitra taorian'iny tatitra nanetriketrika sy tontosa soa aman-tsara tamin'ny sabotsy 6 marsa iny. Taonan'ny fahasahiana ity taona 2021 ity ary mila mivondrona ireo olompirenena maniry hiala amin'izao maizina izao, ka hanana fanahy mahery sy mazava hikatsaka ny firenena vanona sy mandroso manomboka izao.

Helisoa

Pr Emmanuel Jacob Tehindrazanarivelo

Omeo sehatra amin'ny fahitalavi-pirenena koa ny mpanohitra

Vahiny tao amin'ny fandaharana tamin'ny televiziona tsy miankina iray teto an-drenivohitra, tamin'ity herinandro ity, Pasitera Pr Emmanuel Jacob Tehindrazanarivelo, nanome hafatra ny fanjakana sy ny Mpanohitra izy nandritra izany. Momba ny fitondrana : omeo sehatra ny mpanohitra, hoy izy ; ary aza manakorontana kosa ianareo mpanohitra raha nitodika tamin'ny fanoherana ny tenany. Nilaza ny Pasitera Pr Emmanuel Jacob Tehindrazanarivelo, fa tokony homena sehatra ny mpanohitra. Nilaza izy nandritra io fandaharana io fa : "aza manidy varavarana ianareo mpitondra. Antsoy ireo mpanohitra hampita hafatra amin'ny vahoaka Malagasy, ka halefaso mivantana amin'ny fahitalavi-pirenena, mba ho hitan'ny vahoaka Malagasy rehetra.

Pasitera Pr Emmanuel Jacob Tehindrazanarivelo.

Omeo fahafahana, omeo fahalalana ny vahoaka ary ianareo mpanohitra aza mitarika korontana na manimba zavatra.

Ankoatra izany, nilaza ity manam-pahaizana olom-piangonana ity, fa amin' izao fitondrana izao no tena mahantra ny vahoaka Malagasy hatramin'izay, tsy mbola nisy raha tsy tamin'izao ny tena fahasahiranan'ny mponina lalina teto hoy izy.

Niaina

Ny Valosoa sy hadihady

29 Martsa 1947 : atao fombafomba fotsiny ny hetsika fahatsiarovana azy ?

Afaka tapa-bolana mahery andro vitsy, dia higadona ny andron'ny 29 Martsa. Andro lehibe izay hahatsiarovana ireo mahery fo Malagasy, tia tanindrazana nitolona ho amin'ny fanafahana ny firenena eo ambany ziogan'ny fanjanahantany frantsay ka hahatonga an'i Madagasikara hiaina ao anaty fahaleovantena. Rà Malagasy maro no niraraka namonto ny tany, tsy nasian'ny mpanjanatany frantsay antra na kely aza; Malagasy maro, aman'hetsiny, no namoy ny ainy sy nitondra takaitra noho ny herisetra sy hetraketraka tao anatin'izany; fianakaviana maro no rava sy very fananana. Tsy ho voakosoka ny lasa ary hipetraka mandrakariva ho tantara ho fantatry ny taranaka fara aman-dimby na dia misy tsy valahara, mitady hanova sy hanamboamboatra izany tantara izany aza.

Namoa-doza teto amin'ny tany sy ny firenena Malagasy ny mpanjanatany sy ny fitondrana frantsay nandritry ny enimpolo taona mahery. Izany fomba ratsiny izany, mbola misy tarazo mandraka ankehitriny, na eo amin'ny fitantanam-panjakana, na eo fomba fisainana, na eo amin'ny tontolom-piainan'ny firenena amin'ny ankapobeny mihitsy. Paik'ady efa nofaritana tamin'izany fotoana izany toe-javatra izany ary mbola ezahina hatrany ny hampahomby azy eto amin'ny firenena. Manana ny olony novolavolainy rahateo ireo mpanao politika maloto frantsay nandova ny toetsaina mpanjanatany. Tsy voatery ho any Frantsa akory izy rehetra, fa na eto amin'ny firenena aza dia misy azy. Maro amin'izy ireo no mitana toerana ambony eto na any amina orinasa matanjaka toy ny banky.

Tsy mba noeritreretin'ireo mpitolona tamin'ny 1947, fa hisy Malagasy, tomponandraikitra, ho sahy hamoritra toy ny ataon'ny mpanjanatany fehizany, aty aoriana rehefa azo ny fahaleovantena. Azo eritreretina ve ny hisian'ireo hahafoy handatsaka ny rany tamin'izany, raha toa ka toy izao ny zava-hisy aty aoriana? Ho vahoaka rotehin'ny fahantrana, ny fahasahiranana lalina, anjakan'ny tsy fandriampahalemana, fa tsy mahavita mamongotra ny asan-jiolahy ireo "mpitandro filaminana"; hisy mpitondra tsy mahalala afa-tsy ny sezany sy ny tombontsoan'ny tenany ary hangorona-karena fotsiny; ny hisian'ny firaisana petsapetsa amin'ny vahiny amin'ny fandrobana ny haren'ity firenena ity ka atao tantely afa-drakotra; ny hikorosofahan'ny toe-tsaina ka atao ambanin-javatra ny soatoavina sy ny hasina tena notandrovin'ny Malagasy fatratra, sns…

Miendrika "fampandriana adrisa" fotsiny, na fandrebirebena ny Malagasy ny fihetsiketsehana be samihafa tanterahina rehefa amin'ny fotoana itsingerenan'io andron'ny 29 Martsa io amin'izao fotoana izao. Ny andron'ny 29 Martsa 1947, 74 taona lasa izay, natao hanilihana ireo zioga sy geja sy fanjakazakana mbamin'ny fampiasan-kery amin'ny vahoaka Malagasy sy ny fambaboana ny hareny. Moa tsy mbola hita soritra izany ankehitriny? Mihivingivina ny tena mahita ireo lazaina ho "mpitandro filaminana" mirongo basy sy fitaovam-piadiana mahery vaika miaraka amin'ny fiara mifono vy manerana ny tanàna rehefa misy vahoaka mikasa hidina an-dalambe. Inona no mampiavaka azy ireo amin'ny mpampandry tany frantsay tao anaty fanjanahantany. Ireto farany izay tsy niahotra nisambotra, nanao herisetra, nanagadra ary namono mihitsy aza ny Malagasy sahy nijoro nitsangana nanohitra azy ireo. Inona no mahasamihafa izany amin'ny zavatra hita ankehitriny? Izao aza no tena manahirana ny saina ny mahita sy mieritreritra azy satria samy Malagasy no eto, ary ny lehibeny tsy miahotra miteny sy mandrahona amin'ny mpiray tanindrazana aminy ihany mba mikasa haneho hevitra. Nisy fotoana ihany koa anefa, tao anaty fanjanahantany ihany, tamin'ny andron'i Jean Ralaimongo, ka afaka naneho hevitra nidina an-dalambe ny vahoaka Malagasy namakivaky an'Andohan'Analakely sy hatreny amin'ny araben'ny fahaleovantena nihiaka sy niantsoantso fahaleovantena. Ankehitriny tsy azo atao izany. Azo porofoina tsara, ohatra, raha hisy vahoaka Malagasy hidina andalambe, hanao fihetsiketsehana be, hiantsoantso ny famerenana ireo Nosy Malagasy bodoin'ny fitondrana frantsay hankeo anoloan'ny Masoivoho frantsay eny Ambatomena. Ny rehetra no tonga dia hiara-hiaiky sy hino, fa ho avy amin'ny angady sy harona ny "mpitandro filaminana Malagasy" miaraka amin'ny fitaovampiadiana mahery vaika ary handroaka ireo olona ireo na mety hisy fisamborana mihitsy. Inona no fahaleovantena amin'izany? Mbola ao anaty geja ny vahoaka Malagasy sy ny firenena ankehitriny. Moa tsy mitovy tamin'ny 74 taona lasa ve izany? Ny vanim-potoana sy ny tontolo fotsiny no miova. Tsy ho izao mpitondra izao mihitsy sy ireo manam-pahefana ambony miaradia aminy miseho ho mahay no ho sahy hitaky ampahibemaso onitra amin'ny fitondrana frantsay, toy ny nataon'ireo firenena voazanaka sasany. Izay mora voafitaka, voafitaka eny ihany; soa fa misy ny efa mahatsapa na ireo tonga saina ny amin'ny zava-misy marina, ary manomboka mijoro. Anisany ireo niseho tato ho ato.

Sôh'son

UNDD

Nivoaka tamin'ny fahanginany ny antoko

Ahiana ho mafimafy kokoa ny fiatraikan'ny krizy eto Magasikara raha tsy misy fanapahan-kevitra avy amin'ny mpisehatra politika sy ny hery velona rehetra hanorina firenena vaovao.Io no nisongadina nandritra ny fanambarana nataon'i Andriamatoa Manoro Regis Sekretera Jeneralin'ny antoko Undd (Union National pour le Developpement et la democratie) tetsy amin'ny « Villa Elisabeth » Ivandry ny zoma maraina lasa teo. Nisy ny fanambarana nataon' ity tompon'andraikitra ao amin'ity antoko UNDD ity tamin'izany. Manao antso avo amin'ny filoham-pirenena ny antoko Undd hoy izy mba handray fepetra ho firosoana amin'ny filaminana sy ny fampihavanam-pirenena, Manao antso avo amin'ny antoko politika rehetra ihany koa hanao tongotra miara mamindra sy soroka miara- milanja hanangana firenena mendrika ho an'ny taranaka faramandimby. Manao antso avo amin'ny herivelona rehetra mba hiara hientana hampijoro Repoblika Malagasy vaovao. Tokony hitsinjara fahefana ao anatin'ny firaisankina ny mpisehatra rehetra ary manainga ny ratsamangaikan'ny Undd manerana an' i Madagasikara mba hijoro sy hanao ezaka amin'ny fanatanterahana ny fanapahan-kevitrin'ny antoko.Nanamafy ity sekretera jeneralin'ny Undd ity fa mahatsiaro tena manana andraikitra eto amin'ny firenena ny UNDD, ka hitondra anjara birikiny amin'ny fitadiavana vahaolana hamahana ny krizy mianjady amin'ny vahoaka. Tokony haravona hoy ny antoko ny fifanandrinan'ny olona roa, ka ao anatin'izany ny filoha Andry Rajoaelina sy ny filoha Ravalomanana Marc. Namarana ny fanambarany ny SG Regis Manoro fa ilaina ny manorina fanajakana vanona fa tsy vahaolana ny fanonganam-panjakana.Ankoatra ny fanambarana politika dia nisy ny fampahafantarana ny birao vaovaon'ny Undd izay ahiana mpikambana miisa 26 tarihin'ny sekretera jeneraly Andriamatoa Manoro Regis.

Franck Razakambelo

Raharaham-pirenena

Tsy rariny ny fanagejana ireo gadra politika

Ireo mpitondra nifandimby dia samy manana ny manavanana azy teo amin'ny fanagadrana olona,ny fitondrana notarihan'ny Filoha Ravalomanana dia tsy namela mahazo an'ireo dahalo sy mpanao herisetra isankarazany, tsy nahagaga raha foana tsy nisy intsony ny vaky fasana sy ny halatra taolampaty nandritran'ny fotoana nitondran'ny Filoha Ravalomanana, tsy nisy ny gadra politika tamin'ny fitondrana Ravalomanana fa mpanao politika nigadra no nisy, tsy heloka politika no nampiditra amponja ireo mpanao politika tamin'izany, fa heloka tsotra.

Tamin'ny fitondrana Rajaonarimampianina dia maro ireo nanodikodimbola no nadoboka amponja,misy aza ireo olona noheverina ho akaikin'ny filoha fa tsy nikosomaso tamin'izany ny fitondrana fa tonga dia tsy afaka toa an'i Razaimamonjy Claudine

Fa manavanana ny fitondrana tarihindRajoelina ny mampiditra amponja ireo tsy mitovy hevitra politika aminy, nanomboka tamin'ny fitondrana tetezamita toy ny nanjo an'Andriamatoa isany Fetison Rakoto Andrianirina, Zafilahy Stanislas, Tsarahame Edouard sns,tsy azo adinoina ireo mpiasan'ny Radio Fahazavana(mpanao gazety, teknisianina, mpiandraikitra filaminana sns) nisy ny vehivavy sy pasitera tamin'ireo, tsy ireo ihany fa mbola nisy an'ireo manamboninahitra nogadraina noho ny fahasahiany mijoro tamin'ny raharaha Fign sy Bani Ivato.

Ary amin'izao efa filoha voafidy aradalana izao Ingahy Rajoelina dia ireny niarahanahita ireny ny fanagadrana ireo 12 mianadahy mianaka nitondra akanjo mena tamin'ny 20 Febroary 2021 teo Analakely, efa ho telo herinandro no nitazonana azy ireo, kanefa dia tsy mbola navotsotra ihany, tamin'ny afak'omaly dia nisy ny fangatahana fahafahana vonjy maika ho azy ireo, saingy nolavin'ny fitsarana izany.

Samy manandrapeo avokoa ankehitriny na mpitondra fivavahana na mpanao politika, hatramin'ireo malagasy mpila ravin'ahitra any ivelany dia samy mitaky ny famoahana tsy misy fepetra an'ireo gadra politika ireo, satria tsy nandroba na namaky trano no nampidoboka azy ireo fa fahasahiana politika nijoro tamin'ny hevitra naharesy lahatra azy ireo, nisy mihitsy aza mpitondra fivavahana toy ny Pasitera Tehindrazanarivelo vaky vava ka nahateny hoe nisy ny voasambotra noho ny akanjo nanaovany.

Amin'ny Talata 06 Aprily 2021 no hiakatra fitsarana izy 12 mianadahy, ny dikan'izany dia manao herinandro masina sy paska any amponja izy ireo, raha tsy misy ny famoahana azy alohan'izany, ary mety efa eritreretin'ny fitondrana ho tazonina any amponja dia avoaka amin'ny 3 Mey, andro manerantany ho amin'ny fahalalahan'ny fanehoankevitra, izay tsy voafetra ho an'ny mpampahalala vaovao ihany io andro io fa ho an'ny rehetra maneho hevitra.

Isika eto amin'ny Gazety Ny Valosoa Vaovao dia mahalala tsara fa tsy atoro intsony an'izany hoe manao paska any amponja izany, f'efa teo no niala, ka mahalala ny ngidiny koa miombompeo amin'ireo rehetra mitaky ny famoahana tsy misy fepetra an'ireo voafonja politika voarora tsy maimbo ireo

Ny Valosoa

TONONKALO

Didy jadona ?

Moa tsy ianareo ihany no avo feo sy nigagana,
Ka nampianatra ny atao hoe fanonganam-panjakana ?
Nolazainareo fa io no lalana tena tsy azo ihodivirana,
Raha tsy mihaino ny mpitondra ka tsy misy ny mangirana.

Dia niteny koa `nareo no sady nanamafy hoe:
Tena azo atao dia azo atao ny midina eny an-dalambe,
Mba tena ho hitan`ny mpitondra zatra ny mampandry adrisa,
Ny manjo sy maharary ireo vahoaka an-tapitrisa.

Kanjo fe ankehitriny, nony azo ve ny toerana,
Dia mivadika ianareo ka sahy mihiaka tsy am-piheverana
Fa voarara, tsy azo atao rehefa hetsi-pitakiana,
Sady tena tsy andeferana raha vao hoe mba manakiana ?

Iza izany no hanitsy ny hagegena sy hadalana
Izay nataonareo mpitondra mba nahazo fahefana ?
Sa dia hoe "`zay tiako ihany" ny anareo no averimberina,
F`efa izao ilay didy jadona tsy azon`iza mba toherina ?

TSIMIMALO (06-03-21)

FITAKIAN'NY MPIANATRA AMBARATONGA AMBONY

Tsy misy valiny raha tsy misy hetsika ?

Tapitra anio ny 24 ora nomen'ireo mpianatra eny amin'ny sekoly polytekinika Vontovorona ireo tomponandraikitra. Voatery manome fe-potoana ve ny mpianatra sy fitakiana lava toy izao vao misy misaina ny momba azy ireo ao anatin'izao fitondrana miseho ho mahay sy babany noho ny hafa nitondra rehetra? Azo lazaina ho izany tokoa ve ny fitondrana tsy mahavaha olana ary tsy mahita vahaolana raha tsy misy fanairana hatrany? Mba tokony hieritreritra lalina sy hamadibadika im-pito ny lela ihany ilay manamboninahitra ambony tsy niahotra namaritra sy nanambany olona andro vitsivitsy lasa izay vao miteny sao ny fitondrana iasàny sy tohanany no toy izany.

Tsy misy afaka mandà n'iza n'iza, fa ny mpianatra no hoavin'ity firenena ity, indrindra fa ireo efa eny amin'ny ambaratonga ambony. Toa atao an-tandrevaka mihitsy anefa ny fitsinjovana azy ireo. Tsy mandeha anefa io fianarana io raha toa ka voatohintohina indrindra fa ny momba ny vatsim-pianarana sy ny kojakoja samihafa ilainy. Zana-bahoaka ireo, ary anisany mba nanana tombony ka afaka nandranto fianarana ambony kanefa toy ireny hita maso iharan'ny fepetra hentitra ataon'ny mpitandro filaminana ireny. Nisy mihitsy aza ny namoy ny ainy tany Toamasina iaraha-mahalala. Ao anatin'ny fihetsiky ny "mpitandro filaminana", sy ny tomponandraiki-panjakana, tsy hita mihitsy izay fihetsika hanehoany fa mbola tokony tezaina anie ireo mpianatra ireo ho tonga olom-banona hahay hitondra amim-pahamendrehana ity firenena ity any aoriana. Tsy hita ho manana fahendrena amin'izany koa ireto tomponandraikitra ireto.

Efa aman-taonany maro, toy ireny hatrany no mitranga eny amin'ireo Anjerimanontolo eto amin'ny firenena rehefa taraiky ny vatsim-pianarana. Nahoana no tsy novahana izany hatrany amin'ny nandraisana fitondrana? Lazaina ho mahay ihany koa ireo ekipa eo amin'ny mpanatanteraka kanefa mbola mitranga ihany izao manjo ny mpianatra izao. An-tandrevaka na tsy fahaizana mihitsy eo amin'ny fitantanam-pirenena izany.

Radafy

Taratasin'ny mpamaky

Nitsidika ny pejin'ny Minisiteran'ny Mponina aho, noho ny actualité 150M$ FSS ! Indrisy fa lasa Doma Pub sy Injet sisa ny Minisiteran'ny Mponina ankehitriny. Tsy misy afa-tsy dokam-barotra ho an'i Mialy Rajoelina sy ny association Fitia ao. Tsy misy mahalala izay anaran'ny minisitra amin'izao rahateo. Fa efa mba niatrika négociations tany am-pita ve io Ramatoa io ? Sa manao sonia fotsiny dia avy eo midedaka ? Ary io ve mba ho sahy mikapoka latabatra rehefa mitady hanao fetsifetsy ny vazaha PTF ? Sa manabe takolaka aty Antananarivo fotsiny, variana manao "propagande-n'i Mialy en permanence", fa ny any Atsimo kere ny kere; ny any Majunga, mananika ny Covid; manerana ny Nosy, ny mpianatra koa kere fa tsy voaloha ny bourses; ny mpifindra-monina manomboka miorim-ponenana eny ambany tonelina; ny vahoaka rehetra tsy misy tsy mitaraina... Fa ireo mpitondra sy ny fianakaviany ihany no voky, mameno paosy. Ny mpisolelaka moa dia misolelaka, mitsimpona miettes. Ka izay no ataoko hoe... ampy izay ! Farafaha ratsiny, ajanony ny dedaka fa tsy alehany ianareo ! Hajao ny asan'olona !!!

Mpanarivo GTT la Reunion

Mazotoa mihira

Tsy miova ny hafatra ho antsika mpamaky ny gazety sy mpankafy ny hira, fa ny feony dia natao hakana tsirony ary ny tonony kosa nokendrena hampitraka antsika manoloana ny fanamparampahefana mihatra amin'ireo namana , tsy ho kivy isika satria raha nitohy tokoa ny hazo dia tonga tany andanitra ny voalavo.

MISY FARANY

Ny zavatra natomboka rehetra
Dia hifarana hatreo amin' ny fetra
Efa fantatrao, f'izay niandoha
Dia mbola hisy farany koa
Ny mateza dia tsy misy firy
Fa na misy aza, angamba dia kiry

Ny endrika sy ny bika soa
Dia samy ho simba avokoa
Na tanjaka na hery
Dia mihena ary koa mihavery
Satria, raha tonga amin'ny fetra
Dia hifarana toy ny rehetra

Na hira, na ny feo manga
Tsy hisalasalana fa angamba
Rehefa lany ny tsirony mamy
Dia ho adino indray andro any
Embonembona sisa hampitsetra
Hisolo hafa toy ny rehetra

Na rano mandeha eny an'ony
Ireo voninkazo mamony
Ny vorona, mikalokalo
Tsy hitoetra, fa samy handalo
Handao toy ny zava-drehetra
Rehefa tonga ny andro voafetra

Ilay fitiavana mamy aok'izany
Noheverina fa tsy ho lany
Tamin' ny andro, ny volan-tantely
Dia hifarana tsikelikely
Satria angamba izay niandohany
ka tsy maintsy hifarana ihany.

Mpamorona : Naly Rakotofiringa
Mpihira : Jeanne Naly sy Ludger

Sakafo Ny Valosoa

Vily saosy indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Fomba natoraly ahafahana mitsabo ny "appendicite"

Fomba natoraly fitsaboana ny « appendicite » indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany, raha tsy te handalo fandidiana. Izao no atao: maka papay masaka be iray, tantely pur 1/4 litre, na fahefan'ny litatra. Maraina be mbola tsy nisy zavatra ao anaty vavony, esory ny hodiny sy ny voan'ilay papay ary tetehina madinika, ka ataovy amin'ny lovia iray, rehefa madinika dia arotsaho ao daoly ilay tantely. Mety koa raha mixena miaraka izy ireo. Hanina tsy asiana tavela na kely aza. Vokatra: ny ampitson'iny, maka gant tanana ianao, dia mandehana manao maloto (mi-caca) eny ankalamanjana eny. Savasavao ny malotonao (tay/diky), fa ho hitanao ireo vato miaraka amin'ny dikinao. Aorian'izay, mba hanadio azy tanteraka, afaka 3 andro; mitovy amin'ny teo ihany, fa saingy voatabia irery ihany no mixena sotroina. Afaka fotoana fohy dia ho sitrana ny appendicite-nao.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Andranomeva, any amin'ny distrikan'i Boriziny, faritra Sofia

Ny tanànan'Andranomeva, any amin'ny distrikan'i Boriziny na Port-Bergé, faritra Sofia indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Andranomeva ity tanàna ity. Any amin'ny faritra afovoany atsimon'ny faritra Sofia no misy azy. Tsy dia avo toerana izy satria 51 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Tantsaha mpamboly sy mpiompy ny mpiompy any Andranomeva, vokatra any ny vary, sy ny haninkotrana isan-karazany.

NY TENY FIAINANA

"Raha mitandrina ny didiko hianareo, dia hitoetra amin'ny fitiavako, tahaka ny nitandremako ny didin'ny Raiko sy ny itoerako amin'ny fitiavany."

Jaona 15:10

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Fitondrana Rajoelina : mampahantra hono ny mpamatsy vola iraisam-pirenena nefa misambo-bola any ihany izy ireo

Marie Louise Razafindrabe: mampahantra ny mpamatsy vola iraisam-pirenena Banque Mondiale sy FMI hoy ny filoha Rajoelina, nefa dia mahagaga fa mbola mitrosa any ihany ny fitondrany.

Julien Rasoanarivo: nga moa tsy we ampinandrana vola an'i Comores ndray? toa mangataka amin'ny Fmi sy ny Banque Mondiale anefa izao. Mpitondra tsy mena-mivadika.

Rosalie Tinah : hazavaiko fa misy dia Draba mintsy le mi-pub. Ny BM dia manampy ireo firenena faran'izay mahantra eo ho eo amin'ny 3 miliara $ eo no natokany ho amin'izany ho fitsinjovana ny maha olona na antsoiny hoe: HA na " Humanitarian Aid". Na be kolikoly ny firenena na inona dia tsy maintsy homeny ny vahoaka ao amin'ilay firenena io, ho fitsinjovana ny maha olona. Ka aza badrain'ny olona hoe nahazo famatsiana 150 million de dollars avy amin'ny BM. Tsy hanaovana IEM io, fa resaka sosialy. Mety ny solontenan'izy ireo ao Mada ihany koa no hanaramaso akaiky an'io.

Mpanarivo Rakoto : merci ONITIANA REALY, t@ androny no nahazoana ny 150 millions de dollars ho an'ny fianakaviana sahirana ! Mamantam-bonona tahaka ny mahazatra indray ny sasany dia midedaka. Soa fa nisy ny tahirintsary. Henoy tsara , jereo tsara ny daty rehetra ary zarazarao.

Randrianantenaina Tojosoa : aty ny maso fa mitohy ny fiaraha-miasan'i Madagasikara amin'ny mpamatsy vola sy ny mpiara-miombon'antoka, 150 million de dollars be izao no azo.

Rosalie Tinah : Randrianantenaina Tojosoa : dia miverina amin'ilay propagandy indray za ny hoe" angaha mila mpamatsy vola, fa tsy hoe efa vonona daholo?, na hoe raha ireo no hianteherana, na 50 taona aza tsy handroso." Misy fifanarahana io raha miverina aza: hiakatra ny vidin-jiro, solika sy ppn, sns... Dia hereto ao aloha an!

Mamy Hery Lili Razafimamonjy : mbola maro ny olona tsy mbola mikatona lohamalemy @ty resaka firenena sy ny fifandraisana @ any ivelany . Ireny lay zaza ampanginina @ bonbon mason'omby, lay hoe fahazoana 150 million de dollars io.

Pasardo Manjakamanana : ka ny habadoan'ny vahoaka malagasy io mihintsy, (T3) no hararaotin' ny mpitondra sy ny vitsy an'isa mifehy ity firenena ity, tsy vao izao akory. Courage daholo e! samia miezaka hikatonan'ny lohamaleminy avy.

Arp Helisoa : fitsinjovana ny Malagasy ao anaty fahantrana no resaka eto ry V a!

Xavier Pierrot Andriamahefarivo : tonga dia zarao isa-pokontany @ zay tsy mivily intsony e!

Ny Ando Maherinirina : aide humanitaire nangatahan'i Onitiana Realy io, mba menatra.

Manitra Raz'Afy : ka ilay vola misy, fa mivily lalana rehefa voaray , loza an!

Bryan Win : vatsin'ankohonana io tompoko, zay tapaka tsy fantatra hoe ahoana dia io izy naverin'ny mpamatsy vola io indray noho ny hamehana , d aza mapme ry V mpomba ny fitondrana a!

Jacky Rabesaiky : ny iray (miara-manonja) misintona mba hiboridana ny iray kosa miezaka ny manakona mba tsy hitanjaka (ny fitondrana).

Rakou't Fethy : fantatry ny mpamatsy vola ny zava-miseho rehetra eto, tena marina, ary izany no mbola mandrisika azy ireo hanome fanampiana hatrany, fa raha ratsy tantana ny teo aloha, aza manantena hahazo izany koa! Mihidy ny robinet.

Zefa Ramalagasy : Rakou't Fethy : aza matahotra fa ho avy ny mana, ho mana mana daholo amzay, asa raha fantatrareo fa zara raha misy tonga amin vahoaka ny fanampiana, fa ny Trano azon-dRajoelina any Suisse, ny immeuble any Dubai, jet privé, ny Écolage 150 000 €, moa miettes raha oharina amin vola voahodina, ny fanamboarana fotodrafitr asa eto hanaovana sûr facturation no anton'ireny, maro ny zavatra azo ambara ho anareo tsy mahalala, bois de rose sy volamena manginy fotsiny, lasa rano avokoa amin'izao fitondrana Rajoelina izao.

RNFHM

Nampahafantatra ny zon'ny vehivavy manana fahasembanana ho an'ny mpikambana

Ny fivoriana nataon'ireo vehivavy manana fahasembanana eto Madagasikara.

Fanazavana sy fampahafantarana ny zon'ny vehivavy sy ny zon'ny vehivavy manana fahasembanana, no nisongadina tetsy amin'ny Ivo-toeran'ny RNFHM etsy Behoririka, nandritra ny fivoriana nataon'ireo fikambanam-behivavy manana fahasembanana eto Madagasikara. Nilaza Ramatoa Razaka Ralphine filohan'ny RNFHM, fa teboka 3 no niarahana nifanakalo hevitra nandritra ny fihaonana voalohany : ny fanentanana sy fanamafisana ny fampiasana ny fandrindram-piterahana, faharoa nandinika ny anjara toeran'ny tendry tanana ho an'ny vehivavy ny mpikambana ary ny fahatelo farany dia ny famelabelarana mikasika ny anjara toeran'ny vehivavy manana ny fahasembanana miatrika ny asa fanolanana. Nanohy fanazavana ny filohan'ny RNFHM, fa nisy ihany koa ny fijoroana vavolombelona sy ny fifanakalozankevitra narahana toro-hevitra sy toromarika ho an'ny vehivavy mpikambana manoloana an'izay trangana herisetra sy fanolanana izay. Marihina fa hetsika iray nentin'ny fikambanana nanamarihana ny andro iraisampirenena ho an'ny vehivavy ity fihaonana ity, izay nahitana fikambanam-behivavy manana fahasembanana miisa 2 : ao anatin'izany ny RNFHM (Réseau national des femmes handicapées à Madagascar), sy ny « Association des femmes handicapées à Madagascar », ho fanamarihana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny vehivavy eto Madagasikara.

Franck Razakambelo

Miakatra ny mararin'ny coronavirus

Ahiana hiverina amin'ny fihibohana isika

Manoloana ny fidangan' ny olona tratry ny aretina coronavirus eto Madagasikara ankehitriny, dia ahiana hiverina amin'ny fihibohana indray isika malagasy. Tsy eto Analamanga ihany fa hatrany Mahajanga dia mitombo ireo olona mararin'ny aretina coronavirus ary misedra fahasahiranana ny mponina any an-toerana ankehitriny. Mitaraina arak' izany ny mponina any antoerana ary manaitra ny fitondram-panjakana mba hijery akaiky ny momba ity tranga any Mahajanga ity. Hita soritra tokoa mantsy fa manomboka tsy manaja ny toromarika amin'ny fiarovana ity aretina ity intsony ny maro ankehitriny toyny fanaovana aro vava orona, ny fampiasana ny gel d'insefectant, sns… manginy fotsiny ireo taxibe mbola misy mampiasa ny seza afovoany ihany na dia efa voarara aza ny fampiasana azy ireny. Hita efa manomboka mikoropaka ny fanjakana ankehitriny manoloana ny fidangan' ity olona mararin'ny coronavirus ity.

Ny Valosoa

Polyteknika Vontovorona

Mafana indray ny toe-draharaha noho ny resaka vatsim-pianarana

Mafana indray amin'izao fotoana ny toe-draharaha eny amin'ny Polyteknika Vontovorona, noho ny resaka vatsim-pianarana tsy voaloa. Nitohy indray ny fitakian'ireo mpianatra eny amin'ny Sekoly ambony Polyteknika, na ny ESPA Vontovorona hatramin'ny alakamisy teo. Ny anton'izao fitokonana izao dia mitaky ny vatsim-pianarana 4 volana sy ny fampitaovana, satria tsy tanteraka ny teny nampanantenain'ny Minisiteran' ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa, mahakasika ny fivoahan' ny "calendrier de bourse 4 mois", na ny tetiandron'ny hamoahana ny vatsim-pianarana 4 volana, taorian'ny fahavitan'ny "digitalisation" raha ny nambaran'ireo mpianatra. Nanome 24 ora ny tompon'andraikitra ireo mpianatra, ka raha tsy voavaly ny fangatahany dia manambara izy ireo fa hiverina hidina eny an-dalambe indray. Raha tsiahivina dia tamin'ny fiandohan'ny volana martsa ity no nivoaka ny tetiandro fizarana ny vatsim-pianarana 1 volana miampy fampitaovana, saingy tsy nahafaly ireo mpianatra. Teo anatrehan'izany dia niato ny fitokonana nanomboka ny 4 martsa lasa teo, fa izao izy mitohy izao indray. Tena fitondrana tsy mahavaha olana hoy ny mpandinika raharaha politika, sy fiainam-pirenena amin' ny ankapobeny.

Niaina

LAVAKA HAKANA TANIMANGA HANAOVANA BIRIKY

Anisany mahafaty zaza betsaka

Tsy maintsy misy hatrany isan-taona fahafatesana zaza eny amin'ireo toerana hakana tanimanga hanaovana biriky. Ary tsy iray tsy roa fa maromaro hatrany no re namoy ny ainy ao anatin'izany. Eny an-tanimbary sy toerana manamorona na andalovana renirano matetika no anaovan'ireo mpanao fihariana na mpisehatra amin'ny fanaovana biriky tanimanga. Mazava loatra, tsy kely ny tany alaina amin'izany, hany ka zary lasa lavaka be ireny toerana ireny avy eo rehefa ~~vita ny asa na mifarana ny~~ fotoana fanaovana azy, ary dia avela fotsiny eo. Amin'ny fotoanan'ny main-tany amin'ny ankapobeny ihany koa ny fotoana fanaovana biriky tany, ka rehefa migadona ny fotoana fambolena na amin'ny fahatongavan'ny orana dia mifarana eo ihany koa ny asa. Eo indrindra no itrangan'ny loza satria rehefa tonga ny orana, dibo-drano ireny lavaka ireny. Ny ankizy anefa indraindray tsy voafehin'ireo ray amandreniny, fa lasa milalao eny akaikin'ireny toerana ireny. Misy amin'izy ireo ihany koa no misetrasetra na manandrakandrana ka miroboka ao. Misy koa anefa ireo tsy nahy fa mibolisatra dia latsaka any. Dia mifanavotra avy eo izy ireo kanefa izay latsaka tsy voaavotra, ireo nikasa hamonjy ihany koa tsy tafavoaka fa nilentika sempotry ny rano miaraka ao. Tranga miseho matetika tamin'ny toerana maro samihafa io mifanavotra io hany ka roa na telo no indray miaramamoy ny ainy.

Toe-javatra mampalahelo izany kanefa dia miverimberina hatrany isan-taona. Hatreto tsy misy na tsy ahenoina mihitsy fandraisan'andraikitry ny tomponandraikitra eny amin'ireny toerana itrangana loza ireny, fa dia mianona fotsiny amin'ny fampiononana sy fampitandremana na avy aminy na avy amin'ny mpiray tanàna na avy amin'ny ray aman-dreny.

Eo indrindra no anairana ny sain'izay tomponandraikitra rehetra, na eo amin'ny fokontany misy ireny toerana fanaovana biriky tanimanga ireny, na ny kaomina indrindra indrindra, ho amin'ny fametrahana fepetra izay tokony horaisina amin'izany. Eo koa ny amin'ny tokony fitadiavana fomba isorohana ny loza fa tsy ampy mihitsy izay mety natao hatramin'izay matoa tsy mitsahatra ny mitranga izany loza izany. Azo karohina tsara ny fepetra amin'izany, fa ireo tomponandraikitra no tsy mandefa saina lavitra amin'izany, mba tsy ilazana hoe tsy miasa saina, amin'ny fiarovana ny ankizy eo an-tanàna iadidiany. Zava-doza manjo ny zaza Malagasy izany efa an-taonany maro eny amin'ireny toerana sy faritra ireny. Na ireo fikambanana milaza ho mpiaro ny zon'ny ankizy aza tsy ahitana teny momba izany akory. Saiky any antanàn-dehibe mantsy ireo mpikambana ao aminy no monina, hany ka tsy mahita na tsy mahay ny zava-misy eo amin'ny tontolo iainan'ny ankizy toy izany. Mandre fotsiny ireo, dia misaina toy ny hoe tsy fitandremana izany, dia izay, mijanona eo fa tsy misy fandraisana andraikitra. Efa be izay zaza sy ankizy namoy ny ainy izay tamin'ireny lavaka ireny, tokony efa hisy fanapahan-kevitra na fepetra raisina mihitsy momba izany ho fisorohana ny loza. Mazava loatra, tsy ao anaty kajin'ny fitondrana ankehitriny mihitsy ny amin'ny vahaolana momba izany, fa miandry na manilika fotsiny ny andraikitra amin'ny hafa, izay toy ny efa fanaony ihany hatramin'izay. Zana-bahoaka no iharan'izany mantsy fa tsy ny any amin'ny tontolony.

Radafy

Mpamongady mpanefoefo

Banky ropotra tao anatin'ny fotoana fohy

Tsy lavitra fa teto Analamanga ihany no niseho ny tantara. Mpamongady ranamana. Manana fiarabe sy fiara madinika ary manana mpiasa maro ihany koa. Nizotra soamantsara ny fiainany, nilamina ny tokantranony ary afaka nianatra ihany koa ny ankizy. Tsy nisy mahaory fa izay tadiavina dia tonga ary tsy lany laniana mihitsy aza. Marobe koa nefa ny olona nifandray sy nivezivzezy tao aminy ary tsy fantatra intsony ny ratsy sy ny tsara. Tampoka teo nefa dia nanjary narary rangahy ary nentina nitety dokotera sy mpitsabo hafa fa tsy nety sitrana. Tsy mbola sitrana akory izy dia narary koa ramatoa vadiny ary torak'izany koa. Nanomboka nikorontana ny tokantranony satria na ireo ankizy mpianatra aza dia nitsahatra tsy fidiny mihitsy. Ny vola mivoaka toy ny rano hoy ny fitenenana ary namidy avokoa izay azo namidy toy ny fiara, ny fananana madinika sns… fa tsy mbola sitrana ihany izy mivady. Efa saiky hivarotra ny tranony izy no sendra nisy olona nanatona sy tafaresaka taminy ary nilaza fa mila fikarakarana ianareo satria zavatra hafa ity mahazo anareo ity. Teo noho eo ihany ary dia niantso an'i Mr Aina mpitsabo 03429 026 68 sy ny 03383 481 63 ary ny 03202 798 68 eny Itaosy izy ireo ka nihaona tamin'ity mpitsabo ity ilay iraka tonga teny aminy.

Tratry ny mosavy izy mivady

Vao nihaona teny Itaosy dia izao no nambaran'ilay mpitsabo taminy, tratry ny mosavy ianareo hoy izy ary tsy lavitra fa olona akaiky anareo ihany io ary efa diso zatra anareo mivady mihitsy. Tratry ny fandraraka ny tsenanareo hoy ity mpitsabo ity ary tsy vitan'izany fa sady nataony izay haha-leo monina na ho faty mihitsy aza raha tsy voakarakara haingana. Manana « pouvoir » manokana moaity mpitsabo ity ka tamin'ny alàlan'izany niaraka tamin'ny « sorabe » no nitsaboany azy mianakavy. Manàna finoana ary matokia fa tsy maintsy hiverina ny harenareo ary tsy maintsy ho sitrana ianareo hoy ity mpitsabo ity.

Nijoro vavolombelona izy mivady

Fotoana fohy taorian'izay tokoa raha vao nanaraka ny tormarika avy amin'ity mpitsabo ity izy mivady dia nanomboka sitrana izy roa, nanomboka niverina tsikelikely ireo olona tsy hita popoka teo ary nanomboka nilamina moramora ny fiainan'izy mianakavy. Fotoana fohy monja mantsy dia salama tsara izy mivady ary gaga izy fa ireo olona nandositra tsy nahalala azy tamin'izy voa aza dia nanomboka niverina tsikelikely ary telo volana taorian'izay dia tafaverina soamantsra ireo harembe izay efa rava teo aloha nefa dia tafaverina amin' ny laoniny indray rehefa nahazo fikarakarana teny amin'ity mpitsabo ity izy mianakavy. Nijoro vavolombelona izy mivady fa saiky maty sy namoy harena raha tsy nokarakarain'ity mpitsabo fantadaza ity.



Ny Valosoa

Taxibe mampitohy an'Ambohitrimanjaka sy 67 Ha

Mitaraina ny mpanjifa fa tsy voahaja ny bokin'andraikitra

Mitaraina ny mpanjifa taxibe mampitohy an'Ambohitrimanjaka sy Coum 67 Ha ankehitriny noho ny afitsok'ireo mpitatitra. Manomboka amin'ny dimy ora hariva mantsy dia filaharambe no hita eny antoerana, ary tsy vitan'izany fa tafakatra arivo ariary ny saran-dàlana raha toa ka dimanjato izany isan' andro. Mbola mijaly koa ireo mpanjifa satria izay tian'ny mpamily no ataony ary izay tiany hiverenana rehefa hariva ny andro. Ireo taxibe mampitohy an' Antananarivo sy Ivato matetika no mba manala ny fahasahiranan'izy ireo. Mitaraina arak'izany ny mpanjifa manoloana ity tranga na fitateranaeny Ambohitrimanjaka ity. Mangataka kaoperativa mpitatitra vaovao ny mponina eny Ambohitrimanjaka na dia lavin'ireo mpitatitra ankehitriny aza ny fangatahana satria tsy manaiky hidirana mpifanandrina nefa tsy mahavita ny asa sy tsy manaja ny bokin'andrikitra akory izy ireo. Andrasana moa ny tohin'ity raharaha fitaterana eny Ambohitrimanjaka ity.

Rajo

Paositry ny polisy Antaniavo

Nahatratra mpanendaka niaraka tamin' ny antsy lava tetsy Atohomadinika

Manjaka ny tsy fandriampahalemana eto amin'ny firenena ankehitriny na eto antanan-dehibe io, na any ambanivohitra na efa manao izay vitany aza ny mpitandro filaminana hamongorana azy ireny. Io tsy mifidy taona fa hatramin' ireo tanora vao erotrerony aza dia efa tafiditra ao anatin'ny fanaovana asan- jiolahy syfanendahana avokoa. Omaly dia zazalahy mpanendaka vao 22 taona monja miaraka amin'iny antsy lava eny am-pelantanany no tratran'ny polisy teny Atohomadinika. Maro ny olona efa tratran'ity farany tamin'izany. Eo amin'ny arrêt Mahitsy sy fiangonana Jesosy Mamonjy ary eny amin'ny Lalamby, ireo no toerana tena fanaovany ny asa ratsiny. Rehefa nisy ny fisafoana matetika nataon'ny Polisy teny an-toerana miampy ny angom-baovao samihafa voaray dia tra-tehaka tetsy Antohomadinika omaly tokony ho tamin'ny 07 ora maraina ilay tovolahy niaraka tamin'ilay antsy lava fampiasany. Mila mitandrina ihany ireo mpandeha amin'iny toerana iny fa ny ratsy tsy kely lalana.

Helisoa

Fifamoivoizana

Miseho lany indray ireo polisy manotra an-dalambe

Be no mimenomenona amin'izao fotoana, fa miseho lany indray ireo polisy manotra an-dalambe, ireny mpitandro filaminana mandrindra ny fifamoivoizana ireny. Mpamily iray no tafaresaka tamin'ny gazety: "mirongatra indray ny fandidian'ny Polisy eny an-dalana". Mitaraina toy izany koa ny taksi sy taksi-be fa dia lasibatry ny polisy, ampihorohoroany amin'ny resaka fourrière, tsy latsaky ny 20 000ariary ny fakana papier, ary 100 000 ar no takian'ny polisy manao kolikoly raha fiara fourrière.

Araka ny vaovao voaray, misy mpanera mihitsy misera, mpaka taratasy any amin'ny polisy fotsiny no asany.

Ny fakana taratasin'ny fiara dia tsy misy contravention: na taratasy fanamarinana, omen'ny ankamaroan'ny polisy, ary alaina eny an-dalambe eny ihany avy eo.

Efa izay kolikoly izay ihany anefa no nampiantonana ny fahafahan'ny polisy misava taratasy, fa izao dia tsy rony tsy vetiny eo, misy aza ny polisy vao mijery azy fotsiny ny mpamily, dia efa taratasy no ambarany, tsy misy fanazavana izay antony hakany ny taratasin'ny fiara sy ny permis ny mpamily amin'izany.

Mila jeren'ny tompon'andraikitra akaiky ny mahakasika izany, fa manaratsy endrika ny ao amin'ny departemantan'ny filaminam-bahoaka indray.

Stefa

Hala-botry

Mirongatra ny fangalarana voninkazo

Efa tena sarotra tokoa no fiainana amin'izao fotoana, ka rehefa mety ho avadika vola dia misy mangalatra avokoa. Hala-botry mirongatra ihany koa amin'izao fotoana ny halatra voninkazo eto an-drenivohitra sy ny manodidina. Voninkazo samihafa miisa 120 fototra, no tapitra nisy nangalatra afak'omaly alina avokoa. Miangavy izay mahita, na mivarotra ireo karazam-boninkazo ireo ny tompony hifanampy aminy, na hampandre ny mpitandro filaminana, raha misy mampiahiahy.

Aly

Tavim-boninkazo sisa no navelan'ireo mpangalatra, ny sasany tamin'ireo voninkazo nisy nangalatra.

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 06/03/2021 hatramin'ny 1303/2021

- FANOMEZANTSOA (Ambondrona), 020 22 286 85
- ANKAZOMANGA (Ankazomanga), 020 23 302 68, 020 26 040 08, 034 12 714 17
- MAEVASOA (Enceinte Imm. Castello Anosizato), 034 39 186 69
- ANKAZOTOKANA (à 600 m du Score Jumbo vers Ambanidia), 020 22 354 42
- RAZAFIMANDRANTO (Analakely en face Esplanade Pavillons), 020 22 234 04, 032 62 794 60

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1139-03-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

CTM - USAID HAY TAO

Hiara mientana ho fampivoarana ny fizahantany sy ny fiarovana ny tontolo iainana

Nanatanteraka fifanarahana fanaovan-tsonia fiaraha miasa tetsy amin'ny Hotel Louvre Antaninarenina ny Alakamisy tolakandro teo ny Ctm (Confederation du tourisme à Madagascar) sy ny fandaharan'asa Usaid Haytao, ho fampiroboroboana sy fametrahana fizahan-tany maharitra eto Madagasikara amin'ny alalan'ny fiarovana ny "Biodiversité". Mba ahafahana manatanteraka an'izany dia hisy ny fanentanana an'ireo mpikambana eo anivon' ny Ctm sy ny mpandraharaha eo amin'ny sehatry ny fizahan-tany ary ireo vondron'olona ifotony manerana ny nosy mba handray andraikitra. Ho fametrahana fizahan-tany maharitra ary mifanindran-dalàna amin'izany dia hisy ny fandraisana fepetra hentitra ho fiarovana ny tontolo iainana. Ankoatra izay, dia hitady ny fomba rehetra mba ahafahana mampihena ny voka-dratsy ateraky ny fizahan-tany, indrindra amin'ny fandrobàna ny

otrik'arena eto Madagasikara ny mpisehatra, ary ny farany dia hatao modely ny resaka fizahantany eto Madagasikara amin 'ny alalan'ny fanatanterahana ezaka tsara avy amin'ny mpikambana ao amin'ny Ctm. Manana anjara toerany eo amin'ny fampivoarana ny toe-karenan' I Madagasikara ny sehatrin'ny fizahan-tany satria mampiditra 10% Pib eto amin'ny firenena ity farany ary miantoka asa mivantana miisa 44000. Mampiakatra ny sandam-bola Ariary amin' ny alalan'ny fampidirambola vahiny ny fizahantany. Mifandray tanteraka ny tontolo iainana sy ny fizahan-tany eto Madagasikara satria mahasarika an'ireo mpizahan-tany vahiny tonga eto Madagasikara ny fisian'ireo karazam-biby sy zavamaniry tsy fahita raha tsy eto Madagasikara.Tsiahivina fa ny Ctm dia vondron'ny fikambanan'ny mpandraharaha misehatra amin'ny tontolon'ny fizahan-tany izay miisa 90 ahitàna orin'asa 600. Ny CTM no misolon-tena ny vondrona amin'ny fampiraharahana eo amin'ny fitondrampanjakana sy ny mpiara miombon'antoka ary mpampiasa vola, ho fanatsaràna ny tontolon'ny fandraharahàna eo amin' ny resaka fizahan-tany.

Franck Razakambelo

Zaridaina Antaninarenina

Fahombiazana ny Tsenaben'ny Fizahantany andiany faha-2

Nifarana omaly tetsy amin'ny zaridaina Antaninarenina ny Tsenaben'ny Fizahantany andiany faha-2, rehefa naharitra hateloana, izay nokarakarain'ny ONTM, na ny Ofisim-pirenena momba ny Fizahantany eto Madagasikara. Fampiroboroboana ny fizahantany anatiny eto amintsika ny tanjona tamin'izao hetsika izao, ho fanetsehana indray koa ireo mpandraharaha eo amin'ity sehatra ity, satria tena voa mafy izy ireo hatramin'izao, noho ny valanaretina coronavirus, mbola mikatona ny sisintanin'i Madagasikara. Noho izay antony izay vitsy, na azo lazaina tsy misy mihitsy ireo mpizahatany vahiny tonga eto amintsika. Niantraika mafy tamin'ity sehatra ara-toekarena ity izany, mahatratra hatramin'ny 80% amin'izao fotoana ny trano fandraisam-bahiny mikatona manerana ny Nosy, izany hoe trano fandraisam-bahiny 4 amin'ny 5 no nikatona vokatry ny valanaretina. Anisan'ny nikarakarana ny hetsika natao tamin'ity herinandro ity, ho fampivoarana ny fizahantany anatiny, satria hatramin'izao mbola tsy misy fanantenana ny mahakasika ny fizahantany avy any ivelany.

Aly

Ny Tsenaben'ny Fizahantany, tetsy amin'ny zaridaina Antaninarenina.

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 340



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0339)

Mitsivalana
- Mpanjifa
- Naoty
- Ntaolo
- Ray (miv) – Aiza
- Tra – Tamy (miv)
- Reny – Zo
- Raharaha (miv)

Mitsangana
- Manitra
- Tareh(y)
- Anarana
- Nao – Ri (miv)
- Jolay
- Mioty (miv)
- Fy – Zaza
- Mator(y)

TENY MIFANARAKA N° 340



Mitsivalana

1. Johary **2.** Potika (miv) – Tsara masaka **3.** Ony **4.** Tia, iry – Vola – Tsy hita popoka (BR) **5.** Seza lava – Tovona **6.** Mitsahatra (miv) **7.** Aro moka (miv) – Ndeha hianatra izahay **8.** Niandry **9.** Isanay **10.** Tampisaka – Tao

Mitsangana

A. Tanimboly **B.** Ajanonay **D.** Sambon-danitra **E.** Foto-tsakafo (BL) – Tsofoka – Kila **F.** Mpanjaka **G.** Misahana ny jiro sy rano (miv) – Mpanondro manolotra **H.** Laoka (BR) – Ranomasina – Mpanoritra **I.** Mao (miv) – Tsy miteny **J.** Enti-milaza – Matanjaka **K.** Harena mandany harena

Valiny Teny mifanaraka 0339

Mitsivalana

1. Fandrama **2.** Idirana - (Ran(o) **3.** Rà - Harona **4.** Alitara - TT **5.** Nanome - Ar **6.** Ampondra **7.** OM - Pi - Aia **8.** Avotanay **9.** Eso - Soa - No **10.** Roapolo - Al(a)

Mitsangana

A Firango - Re (miv) **B.** Adala - Maso **D.** Ni - Ina - Voa **E.** Dr - Tompo **F.** Rahampitso **G.** Anareo - Loa (miv) **H.** Mara - Nanao **I.** Dia **J.** (T)antaraina **K.** Anatra - Lo (miv)

LOMANO : HETSIKA "VIVE L'AVENIR"

Ho tanterahina manomboka anio ny andiany faha-10

Toy ny fanaony isantaona dia hikaraka ny fifaninanana lomano "Vive l'Avenir" indray ny SMCM na "As St Michel Club Natation" ka ny andiany faha-10 amin'ny hetsika no ho tanterahina etsy amin'ny dobo filomanosan'ny ESCA Antanimena manomboka anio asabotsy 13 sy rahampitso alahady 14 martsa 2021. Ligimparitry ny taranja lomano eto Madagasikara miisa 5 ahitana klioba 11 ary mpilomano 300 isa mahery no handray anjara amin' ny fifaninanana izay hamoahana mpilomano mendrika indrindra miisa 4 amin'ny sokajy "minime" sy "benjamin". Azo eritreretina ihany koa, hoy ny mpikarakara, ny hamakian'ny "équipe de relais" "record" anio asabotsy. Taorian'izany niatoana elaela ihany noho ny fihanaky ny tsimokaretina covid-19 izay, hoy hatrany ny mpikarakara, dia natao ihany koa ity fifaninanana ity mba hampihaonana indray ny fianakaviam'ny taranja lomano Malagasy.

"Vive l'Avenir" andiany taloha.

Rainilita

Combat de défi Kick Boxing

Hangotraka ny Lapan'ny fanatanjahantena rahampitso

Tsy azo hihodivirana fa hangotra indray ny etsy amin'ny Lapan'ny fanatanjahantena Mahamasina rahampitso alahady 14 martsa 2021 , handray ny hetsika haiady karakarain'ny ligin'ny Kick Boxing Analamanga tarihan'ny filohany, Rakoto Mino Harifetra, miaraka amin'ny tohan'ny mpiaramiobon'antoka aminy dia ny FFAM na « Force Féminine d'Aide Mutuelle » tarihan-dRtoaMisah filohany. Efa masaka tsara ny fikarakara ny hetsika araka ny fanamarihan'izy ireo, izay ho ezahina hanomezana fahafahampon'ny mpitia haiady rehetra eto Antananarivo sy ny manodidina , ka ady mahatratra 27 isa no ho tanterahina misesy amin' izany. Handray anjara avokoa ireo sangany ankehitriny eo amin'ity taranja ity avy any amin'ny seksiôna 4 ny kick boxing misy eto Analamanga. Mariha fa ho maimaim-poana fa tsy hisy vidim-pidirana rahampitso amin'ny fanatrehana an'ity hetsika ity izay hanomboka amin'ny 9 ora maraina. Mbola marihana ihany koa fa sady ho fanokafana ofisialy ny taompialalaovana 2021 hoan' ny kick Boxing eto Analamanga ity hetsika ity no hifantenana ihany koa an'ireo mpikatroka hisolontena an'Analamanga any amin'ny fifaninanana-nam-pirenena ho tanterahina any Fianarantsoa amin'ny faran'ity volana martsa ity.

Rainilita

GTT International GE
Gasy Tia Tanindrazana

MADAGASCAR

Lettre ouverte à la communauté internationale

Violations graves des droits de l'homme - Arrestations arbitraires

Madame, Monsieur,

Nous souhaitons attirer votre attention sur les intimidations à l'adresse de la population et les répressions massives et systématiques des opposants mais aussi des supposés opposants au régime d'Andry Rajoelina.

En effet, le 20 février 2021, les autorités ont procédé à 12 arrestations arbitraires (basées sur de banales accusations) de simples citoyens et ce, au mépris total de la loi qui impose la délivrance préalable de mandat d'arrêt. Le seul motif d'arrestation est le fait d'être venus en ville habillés en rouge, couleur de l'opposition. Précisons que ce jour, les autorités s'attendaient à une manifestation de l'opposition qui, finalement, n'a pas eu lieu.

En outre, le droit élémentaire des prévenus n'a pas été respecté par les autorités, à savoir :

- celui de disposer d'un avocat commis d'office pour ceux qui n'ont pas les moyens d'en procurer ;
- Celui d'être informé des charges qui pèsent contre eux.

A la lumière des faits précités, le gouvernement se comporte comme une véritable machine à intimider et menace toute tenue de manifestation pacifique de façon systématique.

En outre, force est de préciser que le jeudi 18 février 2021, une manifestation pacifique d'étudiants de l'Université de Toamasina, fortement réprimée à balles réelles par des éléments de force de l'ordre, s'est soldée par le décès d'un jeune étudiant de 23 ans et cinq autres blessés.

Aussi, nous demandons à la communauté internationale de contraindre ce gouvernement à:

- arrêter immédiatement tout acte d'intimidation et de répression des citoyens;
- respecter les droits fondamentaux dans une démocratie;
- garantir le respect de la liberté d'expression et celui des droits civiques et politiques de tous les citoyens;
- prendre des mesures concrètes pour permettre aux citoyens de prendre part aux manifestations pacifiques.

GTT INTERNATIONAL GENEVE – Collectif des Patriotes Malagasy
15, rue des Savoises
1205 Genève - CH

collectifgtt@gmail.com
http://gtt-international.blogspot.com/

RMDM
RODOBEN'NY MPANOHITRA HOAN'NY DEMOKRASIA ETO MADAGASIKARA

RMDM Diaspora

FILAZANA

Voapetraka androany alakamisy 11 martsa 2021 teny amin'ny Fitsarana Avon'ny Lalam-panorenana ny fitakiana ny fanafoanana ny fifidianana filoham-mpirenena tamin'ny taona 2018.

Tamin'ny anaran'i Ramatoa Fanirisoa ERNAIVO, filohan'ny fikambanana ADM (Association pour le Droit et Développement de Madagascar) sy ny RMDM Diaspora no nanaovana izany fangatahana izany.

Ramatoa Fanirisoa Ernaivo dia maneho fankasitrahana tanteraka ny antoko TIM sy HVM tamin'ny nanomezan'izy ireo ny antontan-taratasy nentina nanaporofoina ny hala-bato tamin'ny 2018 ary koa ireo tatitra nataon'ny vaomiera misahana ny fanadihadiana tao amin'ny antenimieran-doholona tamin'ny 2021 mahakasika ny "doublons" ka nahafahana nanamafy ny fangatahana.

Ireo antoko mpanohitra dia hanara-maso akaiky ny fizotry ny raharaha sy ny valin'ny fangatahana natao.

COMMUNIQUE

Ce jour, jeudi 11 mars 2021, une requête en annulation des élections présidentielles de 2018 a été déposée auprès de la HCC, par Mme Fanirisoa Ernaivo candidate à l'élection présidentielle de 2018 présidente de l'association ADM et du RMDM Diaspora.

Madame Fanirisoa Ernaivo tient à présenter ses vifs remerciements au TIM et HVM qui lui ont respectivement fourni les documents d'investigation des fraudes électorales de 2018 et le rapport de la commission d'enquête sénatoriale 2021 sur les doublons, lui ayant permis de constituer et étayer sa demande.

Les partis d'opposition ne manqueront pas de scruter attentivement la suite qui va être donnée à cette requête.